# MOFONAINA 26 NOVAMBRA 2024 – I Tim 5:1-8

## FANDAHARANA

- **Fiantsoana sy Fiderana**
- **Salamo 119:1-8**
- **Hira 3:** Isaorana anie, Andriamanitsika
- **Vavaka**
- **Hira 190/2:** Ry Jesosy mitenena…
- **Soratra Masina :** *I Timoty 5:1-8*
- **Hira 760/1,3:** Aza mba manadino ny ray sy reninao… Aza mba manadino ny fivavahanao…
- **Fiaraha-Mandinika Soratra Masina**
- **Vavaka**
- **Hira 267/4:** He mikambana ny mino…
- **Tsodrano**

## FIARAHA-MANDINIKA SORATRA MASINA

**I Timoty 5:1-8**

---

## 1. NY BOKY

### 11. Fandraisan'anjaran'ny tsirairay

### 12. Fanampiny

Mifandray tsara amin'ny fiainana an-davanandro ny boky.

- **Ohatra 1:** Fijoroana amin'ny finoana sy ny fahamarinana amin'ny toe-javatra sarotra (*I Timoty 1:18-19*).

- **Ohatra 2:** Fiainana feno fanetren-tena sy fitiavana (*I Timoty 4:12*).
- **Ohatra 3:** Fomba fijery ny harena (*I Timoty 6:6-10*).

## 13. Drafitry ny boky

- **131:** Ny Fiangonana sy ny mpitondra azy (*I Timoty 1-3*).
- **132:** Ny toromarika ho an'i Timoty manokana (*I Timoty 4-6*).

---

# 2. FAMARITANA NY TEKSTA SY NY RAKI-BOLANA

Ny teksta dia ao anatin'ireo milaza toromarika manokana ho an'i Timoty momba ny fitondrana ireo sokajin'olona ao amin'ny Fiangonana: na lehibe na kely, fa indrindra ny mpitondra tena (*I Timoty 5:1-16*).

## Voambolana:

1. **Antim-panahy** (*I Timoty 5:1*): mitovy amin'izay voalaza ao amin'ny *I Timoty 4:14*, hoe "loholona" (**Presbuteros**): zokiolona na loholona mety ho zoky ara-taona na zoky ara-panahy.
2. **Ny ao an-tranony (and 4):** "Trano" (**Oikos**): ilazana ny ankohonana, ary anondroana koa ny fiombonan'ny mpino (**Oikoumene**).

---

# 3. IREO HEVITRA MANAN-DANJA AZO AVOAKA AVY AMIN'NY TEKSTA

31-Andriamanitra no tompomarika amin'ny fitsipika enti-miaina ao amin'ny Fiangonana sy ny fianakaviana(Ny fianakaviana no selan'ny Fiangonana) :Tsy misy Fiangonana na fianakaviana kristiana ka tsy ho fehezin'ny sitrapon'Andriamanitra ;Ny

fianakaviana araka an’izao tontolo izao aza manana izay ifampifehezany ary manaja fatratra an’izany.Tandremo ny teny ifandraisana amin’ny hafa.Tsy misy olona tanteraka ,misy antony tokony hananarana azy avokoa ny rehetra.Ny zoky anefa fanaja
(*Levitikosy 19:32*).

32-Andriamanitra dia miasa ao amin’ny firindrana sy filaminana fa tsy ao amin’ny fikotranana : Vatana iray ny Fiangonana ka izay sainin’ny LOHA no ataon’ny tena (*1 Korintiana 14:33*). Tsy toerana hiainoana fotsiny ny fiangonana fa toerana iainana mihitsy (iainana am-piarahalahiana) (I Tim 5:1-2).+(Efesiana 4:2-3).
Hatsarao ny fifandraisana amin’ny mpiara-mivavaka (Havana malala).

33-Andriamanitra dia manome lanja ny tsirairay araka ny sokajiny avy :Ny Mpino dia antsoina hanana ny fijerin’Andriamanitra sy ny fon’Andriamanitra (*Genesisy 1:27*). Omen’Andriamanitra toerana manokana ny mpitondra tena (I Tim 5:3-5).Aoka tsy hisy fanavakavahana na fanilihana ao amin’ny fiangonana sy ny fianakaviana kristiana (*Jakoba 1:27*).

34-Andriamanitra dia mampianatra fa manana adidy hiahy ny ankohonany ny isan-tokantrano ary ny Fiangonana koa dia manana adidy amin’ny mpianakavin’ny finoana (*I Timoty 5:4-8 + Romanina 12:13 + Galatiana 6:10*).
Tena mandiso ny finoana Kristiana ny tsy fiahianao ny ankohonanao.Tokony heverin’ny fiangonana ny fiahiana ireo zokiolona indrindra ny mpitondra tena (I Tim 5:9 ss).

35-Andriamanitra dia mampianatra fa ao amin’izay mampaharefo ny olona indrindra no anehoana ny fahatokiana Azy (Toy izay ataon’ny mpitondra tena (I Tim 5:5) :Loharanom-pamonjena ho an’ny olona rehetra IZY (*Salamo 55:22*). Aoka ho raisina ho ohatra fianarana ireo marefo miraiki-po amin’Andriamanitra.Aoka samy hitombo amin’ny fiainam-bavaka isika.